Raha mbola tsy fantatra ny mikasika ireo polisy navanon-doza nandoro trano tany amin'ny faritra Sofia tany, dia mbola polisy ihany ny sahy mandrahona mpanao gazety amin'ny alalàn'ny facebook.

Tsy hiverina hiditra lalina amin'ny tranga niseho tao aminy radio Jupiter (vakio **ETO** sy **ETO** ary
ETO
) aho, fa ny zava-misy dia tsy mahafehy tena mihitsy ity polisy iray ity.

Io ny lehilahy mandrahona olona nefa hoe mpitandro filaminana. Ho aiza mihitsy ary ity firenena malagasy ity e?

Jean Laurent Razafimamonjy ny anarany entiny ao aminy facebook. Tena anarany io ary tena polisy izy. Dia io nandrahona an'i Fernand Cello fa *"hamboariny"* hono. Hanamboatra no izy fa tsy *"hanambotra"* sa koa hambotry tsotra izao? Ary raha atao ary hoe hanambotra (avy amin'ny teny misambotra), taiza teto an-tany no nisy mpitandro filaminana iray manan-jo hanambotra olona iray tsy misy taratasy? Hanamboatra ianao rangaha a! Ka meloka ianao.

Laurent Jean Razafimamonjy Tena potika tokoa vé ny Radio Jupiter ry Mr Fernand Cello07,sao mba diso fijery enao ary aza mamady tsaho fa raha lelahy enao de miverena ao Ilakaka fa izaho zao no hanambotra anao.
J'aime · Répondre · 1 h
Fernand Cello Tsy maha gaga iharan'ny hatezeram-bahoaka ianareo polisy,izany aza ny toe tsaina hamono olona,ambanin'ny lalána ianareo,fantako ny endrikao manao menace de mort io. efa vita constatation ny entana potika Mr polisy a,ary huissier no nanao azy,ary efa voapetraka ny fitoriana ary @ lehibenareo.ho avy tokoa ny fotoana dia hody ao ilakaka za ,ary hiandry ny hanamboaranao ahy
J'aime · Répondre · 3 min · Modifié 05.03.2017

Samy mahalala ny dikan'io *"hamboarina"* io raha mbola Malagasy ihany. Fa dia ahoana loatra? Sa rehefa mpitandro filaminana dia mihevitra ho tsy matimanota satria hisy hiaro foana ao ambony ao? Tsy ampy angaha ny nanjo ny minisitrareo Anandra Norbert?

POUR
UNE PRESSE LIBRE
ET
INDEPENDANTE
LES ILE
EPARSE
SONT
A NOUS
LA LIBE

Mamy Jean-Jacques Andrianisa a été
nommé nouveau Ministre de la Sécurité
Publique de Madagascar - 02.03.2017

"alién